TIM MORONDAVA TENY FARAVOHITRA

# Hanavotra ny firenena ny traikefan'ny filoha Ravalomanana

Tonga nitsidika sy nifampiarahaba noho ny Asaramanitry ny taom-baovao tamin'ny Filoha Marc Ravalomanana, filoha nasiônalin'ny antoko TIM omaly tolakandro, ireo mpitarika an'ity antoko ity avy any Morondava, faritra Menabe, notarihan'ny filohany Rivojaona Raherimihaja. Ankoatra izany fifampiarahabana izay, dinidiniky ny ray aman-dreny sy ny zanaka no nisy nandritra izany. Nanome toromarika ny filoha Marc Ravalomanana, fa mila amafisina hatrany ny firaisankina ho fiatrehana ny fiainam-pirenena, indrindra ireo fifidianana rehetra ho avy. Ao anatin'izany ny fanamafisana ny fototra, amin'ny alalan'ny fanetsehana sy fameloma-maso indray ny antoko. Misokatra amin'ny rehetra hatrany ny TIM: antsoina hanatevindaharana ireo efa tao teo taloha, raisina an-tanan-droa ny vaovao ary hatevenina ny mahakasika ireo efa ao anatiny amin'izao fotoana. Latsaka lalina anaty fahantrana ny vahoaka sy ny firenena Malagasy, noho ny tsy fahaiza-mitantan'ny mpitondra ankehitriny, nisongadina nandritra ny fihaonana, fa hanavotra ny vahoaka sy ny firenena latsaka an-davaka izao ny antoko Tiako i Madagasikara, tsy vitany samirery izany, fa tsy maintsy misy ny fisokafana amin'ny hafa, indrindra amin'ireo rehetra izay milaza fa mpanohitra ny fitondrana ankehitriny. Nanambara kosa ireo mpitarika ny TIM Morondava, fa ny traikefan'ny filoha Marc Ravalomanana, no hanavotra indray an'i Madagasikara, amin'izy latsaka an-katerena tanteraka izao. Nanotrona ny fotoana omaly io, ny sekretera jeneraly nasiônalin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro.



*Ireo mpitarika ny TIM Morondava faritra Menabe, nihaona tamin'ny filoha Marc Ravalomanana teny Faravohitra.*

***Isambilo***

Fitantanana tsy mazava sy tsy mahomby

# Nataon'i Clemence nihinan'ny anganony i Vazahabe

Vahiny tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina iray ny mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo, avy amin'ny IRD, Clemence Raharinirina afak'omaly alina. Tonga amin'ny fitenin-jatovo hoe:"nataon'i Clemence nihinan'ny anganony ny ben'ny tanàna Vazahabe: Naina Andriantsitohaina", nandritra izany fandaharana izany. Nanome fe-potoana roa herinandro ny ben'ny tanànan'Antananarivo (CUA) i Clemence tamin'io fotoana io hametrapialana, fa raha tsy izany dia izy mpanolotsainan'ny tanàna no hitarika ny vahoakan'Antananarivo hidina an-dalambe hanala ny ben'ny tanàna, raha toa ka tsy hametra-pialana sy hanolo ny volan'ny CNAPS ny ben'ny tanàna Naina Andriantsitohaina. Raha tsy hanao "dechéance" ny ben'ny tanàna ireo mpanolotsaina monisipaly eo anivon'ny CUA, izay efa tratran'ny ramatahora ihany koa. Raha toa ka tsy sahy hangataka ny fialan'ny ben'ny tanàna ny mpiasan'ny kaomina Antananarivo renivohitra. Raha tsy hanala azy koa ny Filohampirenena Rajoelina, ka hametraka Pds hisolo azy. Novakiany bantsilana fa ny Kaominina no nindrana vola tany amin'ny CNAPS, fa tsy ny SMGD araka ny nolazain'ny ben'ny tanàna. Ny SMGD dia efa taty aorianan'ilay findramana vola vao tafatsangana. Novakiany bantsilana ihany koa, fa mpikambana ao amin'ny CA, na filankevi-pitantanan'io SMGD io ingahy Ben'ny tanàna.



*Ny mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo avy amin'ny IRK, Clemence Raharinirina.*

Raha izao fitantanana tsy mazava sy kolikoly ary fanamparam-pahefana misy ao amin'ny CUA izao, mety hiala ao Analakely ny ben'ny tanàna Vazahabe Naina Andriantsitohaina ary hiandry azy ny eny Antanimora.

***Ny Valosoa***

Dis-TIM Toamasina

# Manara-maso ny lisitry ny mpifidy eny amin'ny fokontany

Manara-maso ny lisitry ny mpifidy eny amin'ny fokontany any Toamasina faritra Atsinanana, ireo avy amin'ny Dis-TIM any an-toerana. Fantatra izany nandritra ny fivorian'ny TIM: distrika Toamasina isaky ny alarobia tao amin'ny QG Ambodisoanambo. Araka ny natao tamin'izany fivoriana izany: nisy ny tatitra mahakasika ny fanarahamaso ny lisitry ny mpifidy eny amin'ny fokontany, nataon'ireo tompon'andraikitra (CLRE) ary mbola ho tohizana ny asa. Niaraha-nihaino ny hafatry ny sekretera jeneralin'ny Antoko, Rina Randriamasinoro, izay mantefa manokana ho an'ny Comité Ad'hoc: distrika - arrondissement –zone, koa izy ireo. Miomana amin'ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny Antoko TIM ny any Toamasina. Nisy ihany koa ny toromarika hanatsarana ny fomba fiasa eny anivon'ny arrondissements, zone, fokontany, mba hahaoana vokatra tsara noho ny teo aloha. Teny filamatry ny Dis-TIM Toamasina ny hoe: "miara-miasa no fahombiazana".




*Ny fivorian'ny Dis-TIM Toamasina, tao amin'ny QG Ambodisoanambo.*

***Stefa***

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Mivily lalana ny fifandraisana amin'ny avara-pianarana

Ity fitondrana Rajoelina ity dia fitondrana tsy afak'olana, izany hoe miaina ao anaty olana hatrany ny vahoaka entiny sy iandraiketany. Manao tohivakana ny olana, eny na dia efa voatendry aza ny mpikambana ao amin'ny governemanta « vaovao » fotoana vitsivitsy lasa izay. Anisan'ny tranga tsy misy fiafaràny ny olana eny amin'ny Anjerimanontolo. Ary ny hita, dia tsy avy amin'ny minisitera misahana azy ihany na ny fitondrana no mampipoitra ny olana, fa misy ivelany ihany koa. Anisan'ny iray amin'izany ny avy amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana na ny Hcc, izay namoaka didy mifanohitra araka ny nambaran'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra eo anivon'ny Seces. Nambaran'izy ireo mihitsy, fa mahamenatra sy manala baraka ny firenena eo amin'ny sehatra iraisampirenena ny nataony, ary tsy eken'izy ireo. Tsy hiditra lalina amin'izay isika, fa ny nanaitra ny saina dia ny filazan'ny Seces fa hanao « Oniversite maty » ao anatin'ny roa andro izy ireo amin'ny volana aprily iny. Midika tsotra izao ho fisian'olana eny amin'ny Anjerimanontolo izany fanapahan-kevitra noraisin'izy ireo izany.

Oniversité tsy afak'olana. Vao tsy ela izay no nisy hetsika fitokonana nataon'ireo mpianatra, tsy teto Antananarivo ihany, fa hatrany amin'ny faritany ihany koa. Niezaka namono afo ny minisitera nanoloana izany. Ny mahavariana, dia tonga hatrany amin'ny fisamborana sy indrindra ny fampiakarana fitsarana ary ny fanasaziana mpianatra izany. Izany ve no heverin'ny mpitondra fanjakana hitaizana ny tanora avara-pianarana eto amin'ny firenena. Izy ireo izay lazaina hatrany fa hoavin'ity firenena ity. Sao fitaizana mankany amin'ny fizàrana hampiasa herisetra izany rehefa mihazona andraikitra. Maneho, tsy fahaiza-mitondra ny tanora malagasy izany, raha tsy misy afa-tsy fampiasan-kery, toy ny daroka lakrimôzena, fisamborana, fampiakarana fitsarana ary fanasaziana no hany mba hitan'izao fitondrana Rajoelina izao. Ny fampiasan-kery, dia midika ho tsy fananana fomba hafa intsony entina mamaha olana iray. Midika ho tsy fananana traikefa ihany koa izany. Hisy vokany any aoriana anefa izany, izay tsy hahasoa velively ny firenena. Tsy hihevitra ho tomponandraikitra amin'izany indray koa anefa ny fitondram-panjakana ankehitriny, fa hiala bala hoy ny fitenin-jatovo izay.

***Sôh'son***

CFWB: Comesa Federation Woman Business

# Voateritery ireo vehivavy eo amin'ny tontolon'ny fandraharahana

Tontosa tetsy amin'ny Hotel Carlton ny talata teo ny sehatr'asa namoahana soso-kevitra, ahafahana mamaha ny olan' ny vehivavy izay misehatra eo amin'ny tontolon'ny varotra. Atrik'asa izay nokarakarain'ny Comesa Federation Woman Business (CFWB), notronin'ny Minisiteran'ny varotra sy ny fanjifana, niaraka tamin' ireo vondron'ny vehivavy mpandraharaha eto an-toerana sy avy any ivelany, ka ny fampahafantarana an'ireo teritery izay manjo ny vehivavy eo amin'ny tontolon'ny fandraharahana no tanjonan'ity atrik'asa ity. Nilaza Ramatoa Razakaboana Fanja, filohan'ny "Comesa Federation Woman Business", fa betsaka ireo sakana izay lalovan'ny vehivavy mpandraharaha eo amin' ny tontolon'ny varotra, ao anatin'izany: ny tsy fisian'ny famatsiam-bola sy ny famindramam-bola, ny olan'ny fananantany, ny sakana eo amin'ny fandoavan-ketra, ny fisian'ireo dingana maro eo amin'ny fidirana amin'ny sehatry ny ara-dalàna, sns… Nanohy fanazavana Ramatoa Razakaboana Fanja, fa zavadehibe ny toeran'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny toe-karena, noho izany dia miezaka manome fiofanana ny vehivavy, manoro ny lalana tokony halehany, mampahafantatra ny sehatr'asa tokony hilofosan'ny vehivavy ny CFWB, mba hahafahan'ireto farany mivelatra amin'ny seha-pihariana izay ataony. Tsy maintsy niainga tamin' ny valin'ny fakan-kevitra izay natao ny 28 Oktobra 2021, ka hatramin'ny 29 Oktobra 2021 lasa teo, tamin'ireo fikambanam-behivavy avy amin'ny faritra 23 ny mpandray anjara, mba hahafahana mamoaka tsoa-kevitra hahafahana manatsara ny tontolon'ny fandraharahan'ny vehivavy eto Madagasikara, sy i Afrika. Tsiahivina fa betsaka ireo rafitra eto amin'ny Kaontinanta Afrikanina afaka manampy ny vehivavy mpandraharaha, hisehatra amin'ny varotra iraisam-pirenena kanefa mila tolo-tanana sy fiaraha-miasa avy amin'ny fitondram-panjakana sy ny sehatra tsy miankina ny fanatanterahana an'izany.

***Franck Razakambelo***